


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Miala amin'ny Ozona

Nofaizina i Jesosy mba havela ny helotsika.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Eo am-pitadiavana ny fanafahana amin'ny ozona, ny fitakiana lehibe iray fantatra dia ny fiaikena ny fahotana avy amin’ny tenanao na ny razanao, izay mety ho ny fahotan'ny razanao no mampiseho anao, ho iray amin’ny taranak’izy ireo, makao amin’ny ozona. Na dia tsy mitondra ny heloky ny fahotan’izy ireo aza ianao, dia mijaly noho ny vokatry ny fahotan’izy ireo. Mba hialana amin'ny ozona, dia mila miatrika ny fahotana izay naneho anao na ny razanao tamin'ny ozona. Manao izany ianao amin’ny alalan’ny fiaikena ny fahotana sy ny fangatahanao amin’Andriamanitra hamela heloka sy hamafa izany. Hoy ny Ohabolana 28:13:

> "Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; Fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindrampo.."

Raha manarona fahotana ianao, dia tsy hambinina na hotahina ianao. Kanefa, raha miaiky ny fahotanao ianao ka mahafoy izany, dia hahazo ny famindram-pon’Andriamanitra sy ny fanavotana ny amin’ny ozona ianao. Averina indray, tsy maintsy mamela ny heloky ny olon-kafa rehetra koa ianao. Hoy Jesosy:

> “Ary raha mitsangana mivavaka hianareo, ka misy olona anananareo alahelo, dia mamelà ny helony, mba havelan’ny Rainareo Izay any an-danitra kosa ny helokareo.” (Marka 11:25)

Tena zava-dehibe tokoa izany. Nasehon’i Jesosy mazava tsara fa raha mitana tsy famelan-keloka, lolompo, na lonilony ao am-pontsika isika rehefa mivavaka, dia manangana sakana amin’ny valin’ny vavaka ataontsika. Hihazona antsika eo ambanin’ny ozona izany. Avy amin'ny fanapahan-kevitra amin'ny sitrapontsika, rehefa mivavaka isika, dia tsy maintsy manaisotra izay karazana lolompo, fahangidina, na tsy famelan-keloka manohitra ny olona rehetra. Amin'ny famarana hamelantsika heloka ny hafa, dia mamela antsika Andriamanitra. Raha mila famelan-keloka tanteraka avy amin’Andriamanitra isika, dia tsy maintsy mamela heloka tanteraka amin’ny hafa. Tsy hoe mihoatra ny ara-panahy izany; ny famelana ny heloky ny hafa dia midika fa mampiasa ilay antsoiko hoe “tombon-tsoa manokana nohazavaina” ianao.

© 2008 - Dries Du Plessis

Misaotra Anao, Jesosy ô, maty teo amin'ny hazo fijaliana ho ahy. Manambara aho fa amin’ny fandraisana ireo dingana ireo, dia afaka amin’izay ozona rehetra aho, satria nofaizina i Jesosy mba hahazoako famelan-keloka, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-098-MLG
Nohavaozina farany: 09 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

